FIVORIAN'NY FILANKEVITRY NY TANÀNA CUA

# Nivoaka ny trano fivoriana ny mpanolotsaina TIM

Nisy ny fivoriana tsy ara-potoana izay nataon'ny mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo (CUA) omaly 30 septambra, tao amin'ny lapan'ny tanàna Analakely. Isan'ny lahadinika natao tamin'izany ny mikasika ny resaka taxi- moto, izay efa nolavin'ny mpanolotsaina maro an'isa nefa mbola tadiavina atao letrezana ihany ny fandaniana izany, eo anivon'ny filankevitry ny CUA. Manoloana izany dia nanapakevitra ny mpanolotsaina lany tamin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) fa hivoaka ny efitrano fivoriana, ka tsy handray anjara amin'ny fifidianana amboletra tian'ny ben'ny tanàna Naina Andriatsitohaina atao. Nanambara ireo mpanolotsaina TIM, fa fanivaivana ny hasin'ny mpanolotsaina ny famerenana an-tery ireo lahadinika efa nolavina tao anatin'ny fanapahan-kevitra (deliberation ) natao ny 26 aogositra 2021. Efa nentina taminay hoy izy ireo ny resaka taxi-moto ary efa nolavina ihany koa ny 30 aogositra 2022, naverina nodinihana fa mbola nolavinay hatrany. Fanitsakitsahana ny zonay nanapakevitra ny mbola fanaovana amboletra hamerina an'io indray, hoy ireo mpanolotsaina TIM, ary tsy io ihany fa maromaro ireo lahadinika nanaovana izany. Araka izany dia tompon'antoka tanteraka amin'izao fanapahan-kevitra izao ary mpiray tsikombakomba amin'ny fanaovana tsinontsinona ny zon'ny mpanolontsaina, ireo rehetra mbola manaiky na iza izy na iza, ny hamerenana izao fifidianana izao indray. Nolazaina fa fahasahiranana amin'ny fomba hampiharan'ny mpanatanteraka ny lalàna noho ny resaka vide



juridique, no antony namerenana indray ny lahadinika. Raha ny tsy fisian'ny lalàna no olana, afaka mamolavola tolo-dalàna ho amin'izany ny vaomieran'ny fitaterana dia voavaha ilay lazaina fa olana, fa tsy ny fanapahan-kevitra efa noraisina no atao remise en cause. Noho izany, ho angatahinay Mpanolotsaina TIM, sy ireo miaraka aminay eny amin'ny tribunal administratif ny tsy hampanankery ary hanafoanana tanteraka izay fanapahan-kevitra rehetra naverina izany, noho ireo antony efa voalazanay tetsy ambony ireo, hoy ny fanambarana. Tantara mitohy arak'izany ity resaka fanaovana amboletra ataon'i Vazahabe sy ny ekipany ity.

***Helisoa***

Fifidianana

# Tsy azo antoka ny rindram-baiko na logiciel ny CENI

Tsy azo antoka ny rindram-baiko na logiciel hampiasain'ny CENI, na ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana eto amintsika. Efa nentina teto ihany ny filazana nataon' ny Ceni momba ny fanatsarana ny fomba fiasa sy ny fanavaozana ny fitaovana entina manatanteraka ny fifidianana amin' ny ankapobeny. Ny logiciel kosa anefa hoy ireo mpanao politika nanaraka ny fihaonana teny Alarobia ny alakamisy teo, dia nanambara fa tokony hanaovana fitsirihana manokana na audit eo anatrehan' ny Vondrona Eoropeana, satria tsy azo antoka mihitsy, efa antitra ary efa nahitana lesoka nanomboka tamin'ny taona 2005 no mankaty izany rindram-baiko hampiasain'ny CENI izany. Nahita sy nahatsapa izany avokoa ireo solontenan'antoko politika tonga teny, ka tsy diso anjara nilaza izany " audit " izany, toa an'Andriamatoa isany Roland Ratsiraka, MTS, sy ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Riana Randriamasinoro, izay nanamafy fa toy ny fiara 2Cv lany andro efa simba, no mbola antsoantsoina hoe mety sy mahasoa, ary lazain'ny filohan'ny Ceni, fa efa voasedra amin'ny tokony ho izy.



*Ny sekretera jeneraly nasionalin'ny antoko TIM, Riana Randriamasinoro.*

Marihina fa ireo olona 5000 hirotsaka amin'ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy mihitsy, no efa atidoha logiciel hafa kely hanimba ny toe-draharaha hoy ireo mpanara-baovao, satria na dia tatitra marina aza miainga eo amin'ny biraom-pifidianana iray, dia tsy ilaozan'ny maramara saina hanova vokatra mandrapahatonga eny amin'ny birao foibe mpanisa vato, ka mety ho lasa vokatra hafahafa indray. Ny atidoha logiciel lazaina fa manara-penitra, no efa olana eto hoy ny rehetra, manao asa maizina.
Mazava araka izany fa tokony hisy ny fifanatonana mialoha na fikaonandoham-pirenena, mba hisorohana ny tsy rariny mety hitranga, ka hanimba tanteraka ity firenena efa very laharana ity indray, handalinana misimisy ny lalàm-pifidianana efa lany andro. Raha olo-marina Rajoelina sy ny ekipany hoy ny maro, dia tokony hanaiky izany mba hanatsarana sy hanitsiana ny làlan-diso hatramin'izay. Soritina fa ireo voafonja vonjimaika MD, sy ireo mbola tsy mahazo didy raikitra dia tsy diso anjara amin'izao fanisana sy fifidianana hatao izao ihany koa.

***Beharo***

Hetsiky Ny Mpitondra Fivavahana (HMF)

# Mamono hasina ny manolo zavatra hafa ny efa noreketin'ny tantara fa hazo

Naneho hevitra mahakasika ny zava-misy eto amin'ny firenena amin' izao fotoana indray ny HMF, na ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana.
"Ny resaka hasina dia tsy voatery ho resaka finoana sy fivavahana fa "fiavahana" sy "fisongadinana ", noho ny fahadiovany na noho ny tantarany miavaka. Ny atao hoe "hasina" hoy ny Raiamandreny Ramambasoa Joseph dia "tsy azo idirana ", "tsy azo lotoina"(Mpiminany sy Firenena, Heviteny Obadia, Malakia, Joela, Ed.Antso,1996 ). Mamono hasina izay mampifangaro izay tsy azo afangaro, manolo zavatra hafa izay efa noreketin'ny tantara fa hazo. Rehefa maty hasina ny zavatra "niavaka"(masina) iray dia very ny mampiavaka azy ary voakosoka ny tantarany, ka tsy hasian'ny olona maso akory. Isika Kristianina dia tokony hahay manavaka ny masina sy ny tsy masina, sady hanaja ny hasina maha olon'Andriamanitra antsika, « satria voasoratra hoe: "Ho masina ianareo, satria masina Aho" (Lev. 11.44). » (1 Petera 1,16). Samy hieritreritra sy handini-tena isika!" hoy ny fanambarana.



*Ireo anisan'ny mpitarika ny Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana.*

***Nangonin'i Niaina***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Maro ireo mizana tsindrin'ila ataon'ny mpitondra eto

Misy ny mizana tsindrian'ila ataon'ny tompon'ny fahefana eto amin'ny firenena amin'ny lafiny maro, izay iainana ankehitriny. Fa ny resaka fitsaràna dia efa mampiteny ny moana, satria hita mibaribary izany raha tsy hijery afa-tsy ireo tranga izay niseho tato ho ato. Mipetraka eto ny fanontaniana hoe natao ho an'iza marina ny lalàna eto Madagasikara? Ny fitorian'ny mpanohitra mikasika ireo fanalam-baraka ataon'ny mpomba ny fitondrana teny amin'ny sampan-draharaha momba ny heloka an'habaka (cybecriminalite), izay voatokana ho amin'izany, tsy misy tohiny hatramin'izao. Mailaka mihitsy anefa ny mpitandro filaminana raha vao ny mpitondra no mametraka fitoriana. Izany no mahazo an'i Stan'ley Ramarivelo izay efa ho herinandro no notazonina teny amin'ny Toby Ratsimandrava. Omaly vao niakatra fitsaràna, mbola tsy hay izay hahazo azy hatramin'izao ora anoratana izao. Etsy ankilany, nomena fahafahana vonjy maika ireo karana miisa 4 nigadra teny Tsiafahy, kanefa dia nohasarotina aoka izany ny fahazoan'ilay administratera sivily Andrianjafinaivo Lahinirina Edward, prefet an'i Toliara teo aloha, tokony hanao "dialyse" ka maty tao am-ponja. Ny tale jeneralin'ny CNAPS voasaringotra, fa nanodinkodina ny volan'ny mpiasa amina miliara maro, nampandosirina nivoaka ny fonja. Ninie Donia niaro ireo vahoaka madinika indray, nampangaina ho fikambanan-jiolahy dia nogadraina enimbolana antranomaizina. Ankoatra izay, afaka manangona olona ny antoko TGV amin'ny toerana izay tiany hanaovana izany, fa hoe hanao famelomamaso ny antoko izy ireo. Bahanany ny lalana andehanana, tsy misy izany hoe manakana ny fandehanan'ny olona sy ny fiara fitaterana. Ny antoko hafa, indrindra ny Tiako i Madagasikara (TIM) dia sakanana amin'izay toerana hivoriana, na ao amin'ny toerana mifefy misy tompony aza. Ny filoha Marc Ravalomanana sakanana amin'ny toerana izay alehany. Dia toy izany no zavatra misy eto amin'ny firenena. Mihevitra ve ny mpitondra ankehitriny fa ho eo amin'ny fahefana mandrakizay ? ny fanaporetana olona amin'izao ve ahatonga ny fitondràna ho mamim-bahoaka? Tsy maintsy ho tonga ny fetran'izany rehetra izany, na ho ela na ho haingana!

***Helisoa***

Filoha Rajoelina

# Nandainga tamin'ireo mpanao lalana tsy nahazo ny volany

Nandainga tamin'ireo orinasa mpikojakoja lalana tsy nahazo ny volany hatramin'izao ny filoha Rajoelina. Nijoro ho vavolombelona nilaza ampahibemaso ny lainga sy ny fampanantenana poak'aty fanaon'i Andry Rajoelina ireo tompona orinasa mpanao lalana tsy mbola nahazo ny volany efa ho 3 taona latsaka kely ireo tamin'ity herinandro ity. Noraisin'ny filoha Andry Rajoelina izy ny faha-2 Aogositra lasa teo teny Ambohitsorohitra. Nambaran'i Andry Rajoelina tamin'izany, fa "tsy fombako izany mamotika orinasa Malagasy izany, ka ho aloako ao anatin'ny 3 andro ny volanareo". Tehaka mirefodrefotra hoy ireto tompona orinasa ireto no nataon'izy ireo, saingy indrisy, efa faha-29 Septambra isika izao, tsy nisy na ariary aza nefaina taminay. Nambaran'ireto tompona orinasa mpanao lalana irero, fa 5 andro tamin'ny andron'ny filoha Marc Ravalomanana dia efa voaloa ny volan'izy ireo; 15 andro kosa tamin'i Hery Rajaonarimampianina dia no nanefana ny volan'ny orinasa. Tsy mbola nisy tahaka izao hatramin'izay fitondrana nifandimby hoy hatrany ireo mpandraharaha mpanao lalana ireo.

***Stefa***

